



LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA

JUIN 2022

N° 019

PENTEKOSTA 2022

Jao 14.15-16

**« 15 Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko.
16 Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa (na Parakleto, na Mpampahery, na Solovava) mba ho eo aminareo mandrakizay »**

Miarahaba antsika ry Havana malala ao amin'ny Tompo, nahatratra izao andro Pentekosta izao indray. Andro ahatsiarovantsika ny nanomezan'Andriamanitra ny Fanahy Masina araka izay efa nampanantenain'i Jeso Tompo eo amin'ny and 16 amin'ity Jaona 14.15-16 anjarantsika anio ity manao hoe:

"15 Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko. 16 Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa (na Parakleto, na Mpampahery, na Solovava) mba ho eo aminareo mandrakizay"

Ny Tompo anie ry Havana hanome antsika izany Fanahy Masina izany mba hitarika antsika ho amin'ny marina ahazoantsika hery hitandrina ny tenin'i Jesoa.

Azo lazaina hoe taonan'ny Fanahy Masina izao vanimpotoana farany iainantsika izao. Ao amin'ireo Fiangonana maro mitonona ho Kristiana dia tena manana toerana lehibe ny Fanahy Masina. Ary fandre matetika ny hoe "herin'ny

Fanahy Masina", "la puissance du Saint-Esprit" hoy ny sasany. Ny fanontaniana mipetraka dia izao:

Fa inona ity antsoin'ny maro hoe herin'ny Fanahy Masina ity? ary inona no ataony? Ary nahoana ny Tompo no miteny hoe:

"15 Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko. 16 Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa"?

Mba ahazoantsika mamaly ireo fanontaniana ireo dia andeha ho jerena inona ireo didy lazain'i Jeso hotandreman'izay tia Azy?

Raha tsorina dia ny fanambaran'Andriamanitra manontolo no lazaina amin'izany.

Na koa ilay Andriamanitra tia hihavana amin'ny olombelona rehetra araka ny Jao 3.16 manao hoe:

"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao nomeny ny zanany Lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy" sy araka ny 2 Kor 5.20ss:

"solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo. 21 Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjyantsika, mbahotonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika."

Noho izany ry Havana, ny fitiavana an'i Jesosy na ny fitandremana ny didiny eto dia tsy fanaovana asa etika hahitan'ny olona fa tia ny Tompo isika na tia olona koa.

Ny lazain'ny Tompo hoe fitiavana Azy eto dia ny fiainantsika manontolo mihitsy no omena Azy. Izy no lasa fiainantsika sy antony ahavelomantsika.

Eo indrindra no ilàntsika ny herin'ny Fanahy Masina ka hoy ny Tompo: Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa.

Ny Fanahy Masina manome aina sy manavao.

Hitantsika izany teo amin'ny fiainan'i Paoly nanenjika kanefa noho **TOHINY PEJY 2**

PENTEKOSTA 2022

Jao 14.15-16

ny herin'ny Fanahy Masina dia tonga babon'i Kristy ny fony.

Ny Fanahy Masina manome hery itiavana.

Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana

Ny Fanahy Masina manome hery ahaizana mamela heloka.

Ny Fanahy Masina manome fandresena eo amin'ny adim-painana sy ny adim-panahy

rehetra.

Ny Fanahy Masina no mahatonga antsika kristiana hahay hiaina ny maha-kristiana antsika mba ho tena vavolombelon'ny Tompo marina isika.

Izany herin'ny Fanahy Masina miasa ao anatintsika izany no ahaizantsika miaina ny Jaona 14.12 manao hoe:

"... Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray".

Ho tanteraka amintsika anie izany.

Rév Dr Seth Rasolondraibe

ASAN'NY APOSTOLY 2.1-11

1. Fety hahatsiarovan'ny Jiosy ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna

Ny Andro Pentekosta dia Andro lehibe ho an'ny Kristiana, hahatsiarovana ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny hery lehibe.

Ny teny hoe Pentekosta dia midika hoe faha-dimy ampolo (cinquantième). Izany no mahatonga ny Andro Pentekosta ankalazaina ny faha-dimy ampolo andro ao aorian'ny Andro Paska.

Nifanandrify amin'ny Fety hahatsiarovan'ny Jiosy ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna tamin'alalan'i Mosesy (chavouot) io Andro Pentekosta nilatsahan'ny Fanahy Masina io. Antsoina ihany koa ho an'ny Jiosy hoe "fête des semaines" famaranana ny famoriana vokatry mandritra ny 7 herinandro (7 fois 7 jours manome 49 jours miampy iray andro fankalazana mahafeno

50 andro).

Midika izany fa ny Fanahy Masina no manohy ny manoratra mandraka ankehitriny am-pontsika ny Filazantaran'Andriamanitra.

Miteny amintsika tsirairay manokana ny Tompo. Manoratra ny Teny Fiainana tsy amin'ny vato intsony fa eo amin'ny fontsika ary ny Teniny no miara-mitempo amin'ny fontsika.

2. Andriamanitra monina aty anatintsika

Ny Andriamanitra Telo izay iray dia samy manana ny maha-izy azy.

Ny Andriamanitra Ray izay Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha dia saro takarina.

Ny Mpaminany no nanelanelana ny zanak'Israely sy Andriamanitra. I Jesoa Kristy indray no ilay voambara fa "Andriamanitra monina amintsika". Efa niha nanakaiky

ny vahoakany Andriamanitra tamin'alalan'ny Jesoa Kristy.

Ary ny Fanahy Masina kosa no ilay "Andriamanitra monina anatintsika". I Jesoa Tompo no nilaza fa « Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiaramisakafo aminy, ary izy amiko. » (Apokalypsy 3:20).

Te hanjaka amin'ny fiainan'ny kristiana tsirairay ny Tompo ka afaka miteny toy an'i Paoly Apostoly hoe : « tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko » (Galatiana 2:20b)

3. Fanarenana ny niseho tao Babela

Raha nifangaro ny fitenenana tamin'ny fotoan'ny Babela dia tafarina eto kosa ny fiteny mitondra Teny Fiainana ho an'ny firenena rehetra (Parole Universelle). **TOHINY PEJY 3**

ASAN'NY APOSTOLY 2.1-11

Raha niezaka nahatratra an'Andriamanitra tamin'ny tilikambo ny zanak'olombelona ka voasazy (confusion des langues) dia eto kosa Andriamanitra no midina hambabo ny fon'ny izay manaiky azy ho Tompo sy Mpamonjy ao amin'i Kristy, na iza na iza, na aiza na aiza na avy aiza na avy aiza.

"Ataovy mpianatro ny firenena rehetra" hoy ny Tompo. Natao ho an'ny rehetra ny famonjena ary "lozako" hoy Paoly Apastoly raha tsy mampiely izany isika. Ny Fanahy Masina no manazava ny Teny ary manosika sy mampahery ny kristiana tsirairay ho mpitondra teny "universel" ho vavolombelon'ny Fahatsarana

sy ny Fiatiavan'Andriamanitra.

Teraka am-pontsika Andriamanitra, izany no Pentekosta ho antsika tsirairay koa dia mirary Fety Sambatra ho an'ny rehetra avy.

Pasteur Falimanana
Raharindranto

**« Ary amin'izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika »
(Romana 8.12)**

PENTEKOSITRA FANEFANA TROSA !

Faly miarahaba anao tratry ny pentekositra izahay. Mpiaramandova amin'i Kristy isika mpino rehetra araka ny voalazan'ny soratra masina (and.17).

Koa manaitra antsika tokoa izao teny momba ny troso izao satria efa mpandova ny fanjakan'Andriamanitra isika.

Midi-troso indray àry ve ny olona nandray ny fanahy Masina ?

F'angaha moa tsy fanomezan'Andriamanitra maimaim-poana ho an'ny vita batisa ny Fanahiny (Asa 2.38) ?

Tsara fantarina loatra ny momba izany mba tsy hampihemotra ny maro amin'ny finoana satria toy ny mpitaky troso hatrany ny fiangonana rehefa manentana ny kristiana mba hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany izy.

1)INONA ILAY TROSA'NY MINO ?

Toy ny olona voampanga rehetra ka nahazo famotsoran-keloka ho fanafahana azy ny mino (gracié) : « **Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao**

amin'i Kristy Jesoa » (and.1).

Trosa tokony haloantsika amin'Andriamanitra àry ve ny fanavotany antsika ?

Tsia, satria maimaim-poana ny fanamarinana ny olona « mpanota » noho ny finoany ny asan'i Kristy izay manadio azy tanteraka (10.10).

Rehefa nahazo fanafahana ihany koa izy dia mbola natsangan'Andriamanitra ho zanany noho ny herin'ny fanahy Masina (and.14-16).

Nandray avo roa heny tamin'i Tompo isika noho ny valin-keloka nataontsika hoy ny mpaminany Isaia (40.2) : « fanamarinana sy fananganana » izany eto (justification et adoption).

Moa troso tokony hefaintsika amin'Andriamanitra va izany fanekem-pahasoavana nataony tamintsika izany (alliance de grâce payante)?

Vitan'i Tompo tamintsika izay ilaina rehetra mba hamerenana indray ilay endrik'Andriamanitra very tao Edena.

Fa misy kosa ny anjarantsika

ho fahatanterahan'izany fikasan'Andriamanitra izany amintsika (tout est accompli mais tout n'est pas terminé !).

Misy anankiroa àry izany adidy tokony hefaintsika izany :

• **Ny voalohany dia ny adidy tokony hataontsika amin'ny « tenantsika » :**

Miezaka amin'ny fomba rehetra isika mba ho hita taratra eo amintsika ny maha zanak'Andriamanitra amin'ny fiainana sy ny asa izay atao (and.8).

Mifandray amin'izany ny adidy ataontsika amin'ny fiangonana satria « tena » iray ihany isika izay miombona ao anatin'ny :

« *Aza avela hisy tsy voaloo na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany* » (13.8).

• **Ny faharoa dia ny adidintsika amin'ny « Fanahy » :**

Tokony homentsika fahefana feno ny fanahy Masina mba hitarika antsika ho amin'ny fahalavorariana antsika (and.11).

Moa tsy izany indrindra no ambarantsika amin'ny fanekena

PENTEKOSTRA FANEFANA TROSA !

rehetra izay ataontsika manao hoe : « ary ny herin'Andriamanitra no iankinako mba hahatanterahako izany » ? Tsy mahay manompo an'Andriamanitra isika raha mandeha amin'ny herin'ny tenantsika ihany (and.8) !

2) AHOANA NO FOMBA HANEFANA NY TROSA ?

Tiana ny manantitrantitra fa tsy izay takiana amintsika eto akory no hahatonga ny fanamarinana sy ny fananganana antsika satria efa nandray izany maimaim-poana isika.

Ny fiainana an'ireo fanomezan'Andriamanitra antsika ireo no ambara amin'ny hoe « fanefana trosa ».

Anankiroa ny trosa araka ny hitantsika teo aloha koa dia indreto àry ny fomba hanefana azy tsirairay avy :

• Ezaka ataon'ny tena manokana

Mamono ny asan'ny nofo isanandro (and.10 / Galatiana 5.19-21) ka mamelona ny fitiavana sy ny faniriana hanao asa tsara eo amin'ny ankohonana sy ny fiarahamonina ary ny fiangonana (Galatiana 5.22). Ary koa, olona hita mazoto amin'ny asan'i Tompo ka tonga fianarana amin'izany (1 Timoty 4.12).

Ny olona afa-trosa dia tsy manavesa-trosa amin'ny hafa fa manala izany kosa aminy (Matio 18.32-33). Noho izany, tsy maintsy mamela ny heloky ny hafa ny olona izay voavela heloka (Jaona 20.22-23).

• Miantso sy manaiky mba hiasàn'ny fanahy Masina :

Matsiaro isanandro fa mpitrosa amin'Andriamanitra isika satria ny fahasoavany no mbola tsy

nahalany ritra antsika (and.13).

Toe-panahy mety ataontsika izany mba hananantsika fanetren-tena.

Ary dia mangataka ny fanahy Masina isanandro isika mba hahafahany miditra sy miasa ao amintsika.

Olona mpiroa saina isika satria nofo aman-dra (and.7-8) ka tsy misy mahay mihazona ny fanekena nataontsika avy.

Saingy rehefa novelomin'ny Fanahy kosa isika (and.9) dia manjary olona azo itokisana sy afaka ianteherana n'aiza n'aiza sy amin'ny fotoana rehetra.

Koa isaorana anie ny Tompo noho ny rivotry ny Pentekostira mitsoka eto amin'izao tontolo izao indray !

Past Jean Teddy Ramaherijaona

CHOEURUNI 2022



Du 26 au 29 Mai 2022 s'est tenue à Avignon la seizième édition du Choeuruni, le rassemblement national le plus important de la section chorale de la FPMA, ou AMF autour du thème « Lève-toi, brille, car ta lumière arrive et la gloire de l'Éternel se lève sur toi » Esaie 60:1

Très attendu, après 4 ans d'interruption du fait de la Covid 19, quelques 500 participants, dont

350 choristes et une douzaine de musiciens se sont enfin retrouvés par la grâce du Seigneur.

Pour rappel, l'organisation logistique de l'évènement est traditionnellement confiée à une paroisse volontaire. C'est donc Avignon (15 ans d'existence), appuyée par le bureau AMF national, et par la Région Sud-Est de la FPMA, qui a fait face à ce défi inédit car en temps de

pandémie. De fait, confrontés à de multiples imprévus, comment faire autrement qu'en remettant toutes choses entièrement entre les mains du Tout-Puissant ?

Ces 4 jours de retrouvailles ont été pleinement occupés - répétitions intensives, célébration des 30 ans d'existence du ChoeurUni (1990-2020), visite touristique éclair- et enrichis par les enseignements apportés par les différents pasteurs

CHOEURUNI 2022

intervenants, pour préparer les choristes de la meilleure façon possible techniquement et spirituellement.

Le thème phare du ChoeurUni a bien sûr été développé par le pasteur aumônier de la section AMF, Pasteur Charles Rakotondramanana, nous appelant à une conversion véritable, illuminés par la Gloire du Seigneur.

Le pasteur Charles-Daniel Maire, invité par la FPMA Avignon nous a emmenés à réfléchir quant à notre manière de chanter, selon notre culture et identité propre, pour glorifier le Seigneur.

Enfin, le Président de la FPMA, le Rev. Dr Seth Rasolondraibe a apporté plusieurs enseignements sur le mariage, le foyer et la famille chrétienne, solidement ancrés dans la Parole et unis en Christ, à la base du témoignage et envoi en mission de toute Eglise.

Le concert, point d'orgue de la manifestation, a eu lieu le Samedi 28 Mai à la patinoire d'Avignon, Durant la première partie (sous la responsabilité du bureau AMF National), les choristes ont

interprété les chants sélectionnés par l'Assemblée générale de l'AMF.

Puis, en deuxième partie, ce sont des œuvres de M Liva Rakotondratsimba, choisi par la paroisse organisatrice, auteur-compositeur de la FPMA, Chef de chœur actuel de l'AMF Lille qui ont été chantées, accompagnées par l'auteur lui-même au piano.

Le concert a uni un public de plusieurs centaines de personnes,



qui s'est déclaré touché et ravi et des choristes qui ont fait leur verset : « Si Dieu est pour nous, qui sera contre nous? » (Romains 8:31).

Nous avons sans doute assisté à l'un des meilleurs concerts de ChoeurUni, soulignant la joie et la fraternité des choristes conscients et radieux de cette grâce accordée de pouvoir glorifier le Seigneur, pour proclamer leur foi et partager La Bonne nouvelle du Salut.,

Enfin, le Bureau National de l'AMF, en place depuis 4 ans, a passé le flambeau à une nouvelle équipe suite au vote de l'Assemblée générale. Remercions ici l'ancien bureau pour son implication forte et son unité et souhaitons bonne continuation au nouveau, en Christ.

Ainsi, Louons Le Seigneur pour tout ce qui a été réalisé.

Le bureau AMF et les organisateurs expriment leur reconnaissance à tous ceux qui ont permis cet événement : pasteurs, responsables nationaux, régionaux, locaux, techniciens, musiciens, en particulier ceux de la section musique nationale (SZM) présents, choristes, participants, fidèles de la FPMA. Merci à vous pour votre soutien et vos prières.

Puisse tout ce qui a été semé porter du fruit par l'œuvre du Saint Esprit, et aller au-delà des portes du ChoeurUni. Que nous soyons tous véritablement disciples et « lumière du monde »

« ...accomplissant notre course avec joie, et le ministère que nous avons reçu du Seigneur Jésus, d'annoncer la bonne nouvelle de la grâce de Dieu. » Actes 20:24 ,

Les choristes de l'AMF vous donnent rendez vous au prochain ChoeurUni,

« Je chanterai l'Éternel tant que je vivrai, Je célébrerai mon Dieu tant que j'existerai. » Psaumes 104:33 LSG »

Gloire à Dieu!

Lalaina Ramarotafika



FANDAHARANA IOMBONANA PENTEKOSTA 2022

Feon'orga

Antoko Mpihira (raha misy)

FIFAMPIARAHABANA FIANTSOANA

Hira : 3 ("Isaorana anie Andriamanintsika")

Vavaka fihaonana

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

FAIKEN-KELOKA

Mpitarika : (Vavaka)

Fiangonana:« Ry Rainay be Famintram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keleka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena.»

Hira: Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay ! Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay ! Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIAHAVANANA

Mpitarika :(Teny famelan-keleka)

Fiangonana : AMEN

FANKALAZANA

Mpitarika: Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

Fiangonana: Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

Hira : 545, 1 sy 3 ("Endrey izany hafaliana")

FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Hira : 177, and. 1 sy 4 ("Ry Fanahy Mpanazava")

Mpitarika: Ho aminareo anie ny Tompo

Fiangonana: Ary ho amin'ny fanahinao

Mpitarika : Vavaka noho ny Teny

ASA: Asa 2, 1 - 13

EPISTILY : Rom. 8, 8 - 17

FILAZANTSARA: Jao. 14, 15 - 26

Fiangonana : Isaorana anie Tompo noho ny Filazantsara!

FANEKEM-PINOANA

Hira: 176 ("Avia Fanahy Masina ô")

TORITENY

Feon'orga

Antoko Mpihira (Raha misy)

Filazan-draharaha

RAKITRA

Hira: 179, F.F 34 [Tompo malala ô !], 202

Hira fanolorana:

Ry Tompon'ny harena ô, Fanatitra an-tsitrabo Atolotray Anao izao ; Mba raiso ka tahionao. Amena.

FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

Hira :F.F 4 , and. 3 ("Ry Fanahy ô")

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

Fiangonana : Ho aminao anie ny Tompo !

Ary ho aminao koa

Sursum Corda (Mitsangana)

Mpitarika : Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

Fiangonana : Asandratrany ny fonay ho eo amin'ny Tompo

Mpitarika : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

Fiangonana : Mendrika ho deraina lzy

-Préface (Mitsangana)

Mpitarika : Eny tokoa Tompo ô, Ray Masina, Andriamanitra

mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay Anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolotena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra Anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny Anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miaramanandraatra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

- Hira : Antema 1 (Sanctus)

Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

Vavaka (Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse) (Mipetraka)

Mpitarika : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy Izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra anao izahay Andriamanitra Rainay, tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famintram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

Fiangonana : Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

Mpitarika :Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany

FANDAHARANA IOMBONANA PENTEKOSTA 2022

mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

Fiangonana : Amena, avia Jesoa Tompo !

Mpitarika : Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisany tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao lzy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

Fiangonana : Amena, avia Fanahy Masina !

Mpitarika : Misaotra Anao izahay Ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay Ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisanao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka.

Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Fiangonana : AMENA !

TENY FANORENANA SY FANAMASINANA (Mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra lzy dia novakiany ka hoy lzy :

« Raiso, hano, ity ny Tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy lzy :

« Misotroa amin'ity hianareo

rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

Hira : 117 (Agnus Dei)

Mpitarika : Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe :

Fiangonana : (V a v a k a nampianarin'ny Tompo)

FANASANA

Mpitarika : Ny mofo izay vakantsika dia firaisana amin'ny tenan'i Jeso Kristy Tompotsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny Ran'i Jeso Kristy Tompotsika. Hoy ny Tompo : andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

FANDRAISANA : 259, 174, F.F. 28, 599

TENY FAMPHEREZANA (mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompotsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny tenany sy ny rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, lzy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !

FIANGONANA : AMENA

Hira : 266 (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

HAFATRA SY TSODRANO

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo.

Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao.

Mpitarika : Tsodrano

Fiangonana : AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !

Hira : 312, and.1 sy 5 ("Mitoera ry Jesosy")

Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena. Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

Fiangonana : ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

Feon'orga firavana

**Téléchargez
L'Appli
Fihirana Audio**

13:08 Fihirana

FFPM Fihirana FANAMPINY ANTEMA Fihirana Audio

Fihirana FFPM

Monter votre playlist

1. Andriamanahery masina Indrindra
2. Missions an'i Zanahary
3. Isaorana anie Andriamanintsika
4. Mamany'ny fihiana
5. Jehovah! Ray andriantitra
6. Aya mioronena
7. Misotra an'Andriamanitra
8. Dera laza hery naja

Télécharger dans l'App Store DISPONIBLE SUR Google Play